REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**Présidence de la République**
-------------
**Cabinet du Président**
-------------
**Unité de Communication**
------------

Réf : 002-14/PRM/CAB/UC

Antananarivo, 20 Februoary 2014

## FANAMBARANA

Ho tohin'ny dinika indroa miantoana efa nataon'ny Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy Andriamatoa Filohan'ny Tetezamita teo aloha momba ny fisafidianana izay ho Praiministra, sy ho fanatanterahana ny fanehoan-kevitry ny laharana voalohany HCC/AV tamin'ny 17 Fébroary 2014 navoakan'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalampanorenana izay namoaka mazava fa noho ny trangan-javatra misy ankehitriny, ny fisafidianana ny Praiminisitra dia iarahan'ny antoko pôlitika na fivondronan'ny antoko politika maro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena sy ny Filohan'ny Repoblika midinika, mialohan'ny fanendrena ataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika.

Ny Fiadidian'ny Repoblika dia manapa-kevitra hikarakara fiaraha-midinika amin'ny solontenan'ny mpandrindra ankapobean'ny MAPAR sy ny solontena manokan'ny Filohan'ny Repoblika ny Zoma 21 Februoary 2014 amin'ny 08 ora maraina eny amin'ny Lapa-panjakana Iavoloha.

Izany fihaonana izany no atao dia ho fanomanana ny fiaraha-midinika amin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy ny mpandrindra ankapobeany ny MAPAR Andriamatoa Maharante Jean de Dieu hanapaka izay anaran'ny Praiminisitra ho tendrena araky ny andininy faha 54 ny Lalampanorenana.

RANDRIANARIVONY Jaobarison
CSPRM